

**De gauche à droite : le diplomate américain Niels Marquardt et le journaliste lanceur d'alerte australien Julian Assange**


Fa dia tena mihevi-tena ho anjely latsaka an-tany mihitsy ve ity Marc Ravalomanana ity ka mihevitra ihany koa fa ho voafafa ny Tantarany fony izy teo amin'ny fitondrana ? Tsotra ny sokajy misy azy : sady mpandainga no mpamoron-dainga. Ireto manaraka ireto no porofo tsy azo hivalozana afahana milaza izany. Ka na dia hitabataba hanara-dia an'izany toetrany izany aza ry miara-manondrana eto an-toerana sy ireo Malagasy vitsy an'isa any ivelany dia ho zava-poana daholo izany asan'ny satana izany satria : teraka, dia nivelona nitabataba sy nanozon-tena ; ho faty ary tsy hisy mpijery na hitsetra fa ho adino hatramin'ny anarana. Tsiahy ny volana marsa 2009 nisandratan'izy Marc Ravalomanana tenany ho tranon-dainga tanteraka.

Ho an'izay tsy mahalala, fantaro ary fa izany Wikileaks izany dia fikambanana tsy miankina mampiasa ny tambazotra Internet, natsangan'ilay mpanao gazety australiana Julian Assange ny taona 2006. Ny tena anton'ny fisiany dia ny namoaka ireny resaka nadika an-tsoratra, eo amina olona ambony amina firenena maro ka tafiditra amin'ny hoe *«secret d'Etat»*. Tsy tambo isaina ireo taratasy tafiditra amin'ny hoe
*«Top secret»*
navoakan'i Wikileaks, indrindra fa avy amin'ny sampana fitsikilovana amerikana (CIA, FBI…). Tsy fantatra mihitsy hoe iza ireo olona namoaka izany tsiambaratelom-panjakana izany. Ny teny filamatra moa dia :
*«We open governments»*
na : sokafanay ny governemanta rehetra.

Rehefa tsy takona nafenina intsony ireo tena tranga misy marina amina firenena maro dia nenjehina i Julian Assange ary rehefa nialokaloka nandritra ny fito taona tao amin'ny Ambasadin'ny Equateur ao London izy dia navoaka avy tao ary nalefa ao amin'ny fonjan'i Belmarsch nanomboka ny 11 avrily 2019. Raha toa ka azo hafindra any Etazonia izy dia ho voasazy 175 taona an-tranomaizina noho ny « fitsikilovana » (*«espionnage»*) nataony. Samy miandry izay ho tohin'ny tantara ny rehetra, ny mikasika ny ho avin'i Julian Assange izay 50 taona amin'ity taona 2021 ity.

Anisan'ny firenena nipoiran'izany *«secret d'Etat»* nivoaka tao amin'ny Wikileaks izany i Madagasikara. Ary dia nahita sy namaky ilay resaka an-telefaonina tamin'ny 20 marsa 2009 ireo rehetra mampiasa ny Internet. *«Câble»* no nataony anaran'izany tsiambaratelo izany. Azo inoana fa avy amin'ny Amerikana ihany no nivoahan'ny tsiambaratelo rehetra mikasika an'i Madagasikara tamin'izany fotoana izany.

Resaka an-telefaonina nifanaovan'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana sy ny Ambasadaoron'ny Etazonia tamin'izany fotoana izany, Niels Marquardt.



Origin Embassy Antananarivo (Madagascar) Cable time Fri, 20 Mar 2009 09:29 UTC
Classification CONFIDENTIAL - O 200929Z MAR 09

FM AMEMBASSY ANTANANARIVO TO SECSTATE WASHDC IMMEDIATE 2226 INFO AFRICAN UNION COLLECTIVE PRIORITY

USMISSION USUN NEW YORK PRIORITY

NSC WASHDC PRIORITY

HQ USAFRICOM STUTTGART GE PRIORITY

DEPT OF TREASURY WASHDC PRIORITY

CJTF HOA PRIORITY CIA WASHDC PRIORITY

CDR USAFRICOM STUTTGART GE PRIORITY

C O N F I D E N T I A L ANTANANARIVO 000195 E.O. 12958: DECL: 03/20/2019

SUBJECT: MADAGASCAR/RAVALOMANANA: I DID NOT RESIGN!

Classified By: AMBASSADOR NIELS MARQUARDT FO REASONS 1.4 D AND E.

1. (C) A breathless ex-President Ravalomanana phoned the ambassador today from his undisclosed location (believed to be somewhere near Antsirabe) to explain a few things. Referring the their last two dramatic meetings on Tuesday morning (when he showed the US and South African ambassadors and UN Mediator Drame his signed ordinance transferring power to a military directorate, before taking flight), he stated that he had not resigned. "I was forced to sign this by the military who came to my office and threatened me 15 minutes before you came in. The 'military directorate' idea was a way not to do what they wanted," he said. "Then I barely got out before they came back after you left." He pointed out (correctly) that the word "resignation" is nowhere to be found in that document. He implored the USG to follow SADC in not recognizing TGV, to whom he had been unwilling to transfer power directly on Tuesday, he added. "This is a coup." He indicated that he is in touch "with SADC" to get himself (and presumably his wife and one remaining son) out of the country as he feels very threatened. He did not request USG assistance in getting him out, and the ambassador did not offer any.

(...)

MARQUARDT

[ENLARGE HERE]

Amin'ny teny anglisy moa ilay izy, mazava ho azy, ka ity manaraka ity ny fintina amin'ny malagasy an'izany fifampiresahana tamin'ny talata 20 mars 2009 izany :

Niantso an-tariby ny Ambasadaoro (amerikana), ny Filoha tao aloha Marc Ravalomanana. Teny akaikin'Antsirabe izy no niantso raha ny fitiliana natao no jerena. Somary semposempotra izy nanazava zavatra sasany izay mifototra amin'ilay didy hitsivolana (Ttf : *«Ordonnance n°2009-001 du 17 mars 2009»*
) nosoniaviny ka namindrany ny fahefany amina fitondrana miaramila (
*«Directoire militaire»*
)
,
talohan'ny nandosirany. Taratasy nasehony tamin'ny Ambasadaoron'ny Etazonia, ny Ambasadoaron'nyAfrika Atsimo ary Ingahy Dramé, Iraka manokana nalefan'ny Firenena mikambana (ONU). Nilaza i Marc Ravalomanana fa tsy nametra-pialana izany izy fa namindra ny fahefany satria noterena miaramila tonga tao amin'ny biraony, 15 minitra talohan'ny nahatongavan'ireo Ambasadaoro voalaza ireo tany Iavoloha. Ny antony notetehiny an'ilay « Directoire militaire », araka ny fanazavany ihany, dia mba nanakanana ireo miaramila tsy anao izay «saim-pantany» (Ttf : ny hamono azy?). Ary nilaza ingahy Ravalomanana fa niverina, hono, ireo miaramila rehefa lasa ireo Ambasadaoro. Nanamarina isy fa tsy misy soratra hoe « démission » mihitsy ao anatin'ilay hitsivolana nosoniaviny. Ary nitalao tamin'ny governemanta amerikana izy mba hanarahin'ny Sadc tsy nankatoa an'i Tgv. Izay, hoy ihany ilay Filoha teo aloha no antony tsy namindrako ny fahefako mivantana tany amin'i Andry Rajoelina.
*«Fanongam-panjakana»*
iny, hoy izy. Nanambara izy fa mifandray amin'ny Sadc izy mikasika ny vady aman-janany sy izy tenany hivoahana an'i Madagasikara satria matahotra amin'ny ain'izy mianakavy izy. Tsy nangataka fanampiana mikasika izany tamin'ny governemanta amerikana kosa izy ary tsy nanolotra izany koa ny Ambasadaoro./.

12 taona katroka androany 20 marsa 2021 io resaka io no navoakan'ny Wikileaks ary tsy nisy sy tsy hisy fiovana mandrakizay.

Rehefa nodinihina tsara ireo fanambarany ireo sy ny nataony dia tranon-dainga tsotra izao ingahy Marc Ravalomanana. Ary izy mihitsy no nanitsakitsaka ny lalam-panorenena malagasy, na ilay tamin’ny fotoana nitondrany na ny lalàna fototra amin’izao fotoanan’ny Repoblika malagasy faha-4 izao. Toa izao no voalazan’ny andininy faha-52 ao amin’ny Lalampanorenenan’ny Repoblika malagasy faha-3 sy faha-4 izay tsy niova hatramin’izao taona 2021 izao :

**Andaniny 52**. Aorian’ny fametrahampialàna, fandaozana ny fahefana na amin’ny endriny inona na amin’ny endriny inona, fahafatesana, ny tsy fahafahana miasa tanteraka na ny fanonganana nambara, ny fahabangan’ny toeran’ny Filohan’ny Repoblika dia hozahan’ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana fototra.

Raha vao hita fototra ny fahabangan’ny toeran’ny Filohan’ny Repoblika, dia ny Filohan’ny Antenimierandoholona no misahana ny asan’ny Filoham-panjakana.

Raha misy tsy fahafahana miasa manjo ny Filohan’ny Antenimierandoholona hita fototry ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, dia iarahan’ny Governemanta manontolo misahana ny asan’ny Filoham-panjakana.

Midika mazava izany fa tsy misy resaka hoe atolotra amina *«Directoire militaire»* mihitsy ny fahefana raha toa ka misy tsy fahafahan’ny Filoha mitondra ny firenena, n’inona n’inona antony. Ka niziriziry ingahy Ravalomanananana fa tsy nametra-piàlana. Aleho atao hoe marina ny azy. Fa ny fanolorany ny fahefany amina « Directoire militaire » aloha dia tsy voasoratra n’aiza n’aiza ao anatin’ny Lalàna fototra (
*«Constitution»*
).

Manaraka. Nilaza izy tany Afrika tany -tao Swaziland, teo anatrehin'ny fivoriana fara-tampon'ny Sadc, ny 31 mars 2009- fa nametra-pialana izy satria nambanana basy izy. Tena tranon-dainga tanteraka ary sarona izy tamin'ny fanambaran'ny Ambasadaoro Niels Marquardt ihany, nilaza tao amin'ny Midi Madagasikara sy Top Mada, ny volana Avrily 2009 : ***« Marc Ravalomanana n'a pas démissionné sous la menace d'une arme. Il n'y avait ni soldat ni véhicules militaires à Iavoloha. Marc Ravalomanana a démissionné et a remis sa démission à la délégation accompagnant l'ambassadeur »***
. Ny dikany ireo dia : tsy nametra-pialàna satria nambanana basy i Marc Ravalomanana. Tsy nisy miaramila na fiara ana miaramila teny Iavoloha. Nametra-pialana i Marc Ravalomanana ary nomeny ny delegasiona niaraka tamin'ny Ambasadaoro izany taratasy fametra-pialana izany.



Politique — tribune.com MADAGASCAR

Ravalomanana

**« Tsapao aloha ny herinareo vao mitsapa ny aty »**

jeudi 22 janvier 2009

Marc Ravalomanana à Andohatapenaka

Le chef de l'Etat Marc Ravalomanana a fait comprendre à qui veut l'entendre, à notre avis sans doute à Andry Rajoelina et aux opposants et consorts « qu'ils mettent leur force à l'épreuve avant de se tourner vers lui. Les Etats-Unis d'Amérique, les plus puissants du monde, et la France qui a toujours été avec nous, sont prêts à nous aider. Qu'est ce qu'on demande de plus ? D'autres peuvent également venir étoffer les rangs ». A croire les propos du chef de l'Etat lorsqu'il est descendu dans les bas quartiers de la capitale, hier, il est serein et il n'est pas intimidé par quiconque, toutefois, il avoue qu'il n'y a rien d'insoluble ou qui résiste aux discussions (fifampidinihana) ; un appel qui s'adresse vraisemblablement au camp de Andry Rajoelina.

*Recueilli par Raw*

Amin'izao fotoana izao dia efa lasa manaranaka sy lovan-dry miara-manondrana ary ireo malagasy tsy manan-jo hifidy any ivelany tanteraka io fomba fandaingana io. Ary dia mihezaka mafy tokoa izy mianakavy mamorona izao karazana lainga izao vao mihetsika kely ny fitondrana Andry Rajoelina. Aratsina daholo ny zava-drehetra satria jamban'ny fankahalana sy ny fahatsapana fa kely aina ka ny vava no fenoina savony. Manozona sy manapoizina ny taranany ihany anefa ireo. Sa samy hafa ny rivotra iainan-tsika ? Miodina ary hiodina foana ity Tany ity na eo na tsy eo ianareo ry mpamosavy mivoaka atoandro a !

Fa tandremo ihany ary ny tody na dia tsy misy fa ny atao ihany no manina moa ? Jereo anie ity Dada e ? Ny redirediny ihany no mahatonga ny tantarany mitsikafona, mampiampanga azy hatrany. ***«Tsapao aloha ny herinareo vao mitsapa ny aty »***. Lazao koa fa izaho no niteny izany e !

